



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitsevana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-196

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLOPEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-001-2021/PR «PORTANT CRÉATION D'UNE COMMISSION D'ENQUÊTE PARLEMENTAIRE SUR LE TRAFIC D'OR À MADAGASCAR» NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA MOHAMAD AHMAD, VOAFIDY TAO FENOARIVO ATSIANANA SY IREO MPIARA-DIA AMINY

Fivoriana Faha-8
Natao ny
Talata 31 Mey 2022
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Talata 31 Mey 2022, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolopehin-kevitra laharana faha-001-2021/PR «portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar» natolotry ny Solombavambahoaka MOHAMAD Ahmad, voafidy tao Fenoarivo Atsinanana sy ireo mpiara-dia aminy.

Nitohy ny Talata 31 Mey 2022, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tokak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa HENRI Jean Michel, no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny tenany ary niangavy ny Mpampakateny hamaky ny tatitra mikasika izany.

Nanatontosa izany Andriamatoa DARKHAOUI Siritis, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Zoma 27 Mey 2022 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna sy ny Vaomieran'ny Harena Stratejika nandinika ny Tolopehin-kevitra laharana faha-001-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar» izay natolotry ny Solombavambahoaka MOHAMAD Ahmad, voafidy tao Fenoarivo Atsinanana sy ireo mpiara-dia aminy.

Andriamatoa IDEALSON, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nivory

- Andriamatoa IDEALSON

Ireto avy ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika tonga nivory:

Andriamatoa isany:

1. MOHAMAD Ahmad
2. RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
3. RAVONTY Tam-Téon Luc
4. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina

Ireto avy ireo teknisiana tonga nislotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andrimatoa isany:

- | | |
|-----------------------------------|-----------------------|
| 1. RAZANANIRINA Henri | SG/MMRS |
| 2. RAKATONDRAVALY Désiré Alphonse | DGM/MMRS |
| 3. LOVASOA Arison André | DG pi/BCMM |
| 4. RANOROARISOA Tiavina | DG/ANOR |
| 5. TSELANY Déborah | Magistrat/DERL/MINJUS |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa Solombavambahoaka tompon'ny Tolopehin-kevitra ny fitenenana hitondrany fanazavAna mikasika izany.

Nambaran'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, fa ireto avy ny antony nahatonga azy hanolotra ity Tolopehin-kevitra ity. Nambarany fa taorian'ny fanatsaharan'ny Fanjakana ny fanondranana volamena dia lasa nanondrana antsokosoko ireo volamena ny olona misehatra amin'izany. Efa maro ireo volamena naondrana an-tsokosoko no tratra tany ivelany, toy ny tany Afrika atsimo, "Comores, Dubai", sns Teo ihany koa ireo resaka nivoaka tamin'ny haino aman-jery nanomboka ny taona 2020 mikasika ny fanondranana tsy ara-dalàna ny volamena teto Madagasikara.

Ity Tolopehin-kevitra ity dia mitarika ny hanaovana fanadihadiana ireo sehatra rehetra voakasika amin'ny volamena na «filière or», toy ny fitrandrahana azy, ireo lalana lalovany, ny fanodinana azy ho lasa bolongam-bolamena ary ny fanondranana izany any ivelany, fa tsy mikasika ny fanondranana tsy ara-dalàna fotsiny ihany.

Nambaran'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad ihany koa, fa tokony hisy ny fiaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Minisiteran'ny Fitsarana miaraka amin'ireo olona tsara sitrapo. Tsy hijanona eto Antananarivo ihany ity Vaomiera mpanadihady ity, fa hitety ireo faritra ahitana fitrandrahana volamena. Manaraka izay dia tsy hitsabaka amin'ny asan'ireo Minisitera ity Vaomiera ity, fa hifanampy amin'ny hahafantarana ny marina mikasika ny sehatra volamena.

Nanamarika ihany koa Andriamatoa Solombavambahoaka, fa efa tamin'ny taona 2020 izao Vaomiera mpanadihady izao no nangatahany hatsangana fa noho ny trangan-javatra izay tsy miankina tamin'ny tenany dia izao vao tanteraka ny fananganana izany.

Taorian'izay, nomena ny teknisiana avy amin'ny Minisitera ny fitenenana.

Niala tsiny ny Sekretera Jeneraly avy amin'ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny Tany tamin'ny tsy fahatongavan'ny Minisitra satria mbola namita iraka any ivelany, ka izy ireo no nislotena azy. Nilaza ihany koa izy ireo, fa tsy manana olana amin'ny fanaovana ity fanadihadiana ity ary vonona amin'izay fiaraha-miasa rehetra.

Ny avy ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana kosa nilaza fa efa eny amin'ny rafi-pitsarana misahana izany ireo antontan-taratasy sasany mikasika ny raharaha volamena. Tsy misakana ny fananganana ity Vaomiera mpanadihady ity anefa izany ary tsy misy olana ny fanaovana izany.

Rehefa izany, nilaza Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna fa araka ny andininy faha-68 sy ny andininy faha-102 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia mifanaraka amin'ny andraikitra napetraky ny Lalàna amin'ireo Antenimiera roa tonta ny fanaraha-maso ny asan'ny Mpanantanteraka, ka tafiditra amin'izany ny fananganana Vaomiera mpanadihady.

Manaraka izay, araka ny andininy faha-173 ka hatramin'ny andininy faha-181 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia anjara andraikitr'ireo Solombavambahoaka ny manatanteraka fanadihadiana amin'ny alalan'ny Vaomiera mpanadihady.

Noho izany, mitombina raha araka ny lalàna no jerena ny fananganana ny Vaomiera mpanadihady mikasika ny fanodinkodinana sy fanondranana volamena tsy ara-dalàna.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fandaniana ny Tolopehin-kevitra ny Vaomieran'ny Lalàna sy ny Vaomieran'ny Harena Stratejika.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Lalàna sy ny Vaomieran'ny Harena Stratejika ny Tolopehin-kevitra laharana faha-001-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar» natolotry ny Solombavambahoaka MOHAMAD Ahmad, voafidy tao Fenoarivo Atsinanana sy ireo mpiara-dia aminy, ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nilaza fa hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra ny mpivory.

Tsy nisy nanao fanamarihana na fanitsiana ny tatitra ny Solombavambahoaka ka nomeny ny solotenenan'ny Governemanta ny fitenenana raha toa manana fanamarihana momba izany izy ireo.

Nilaza Andriamatoa RAKOTOMALALA Herindrainy, Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika, fa misy diso tsipelina ny anaran'Andriamatoa RAKOTONDRAVALY Désiré Alphonse, lasa hoe RAKATONDRAVALY, ao amin'ny tatitra, pejy voalohany, ka nangataka ny hanitsiana izany ny tenany.

Nanamarika Andriamatoa Mpitarika fivoriana, hatao ny fanitsiana izany ary niangavy an'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka nanolotra ny Tolopehin-kevitra, ny tenany, mba hanazava ny antony nahatonga azy nanao izany.

Nanambara, Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, fa misy ny fanondranana sy fitrandrahana tsy ara-dalàna momba ny volamena eto amin'ny firenena, ka izay no antony nanolorany ity Tolopehin-kevitra ity.

Nilaza koa izy fa ny mpitrandraka madinika foana no rahonana fa mitrandraka tsy ara-dalàna; ny mpitrandraka vaventy kosa tsy kitihana. Ny Solombavambahoaka no misolo vava ny vahoaka, ka tomponandraikitra amin'ny zava-misy any amin'ny toerana nahavoafidy azy. Manaraka izany, ny Solombavambahoaka dia afaka manao tatitra any amin'ny Filohampirenena mikasika ny zava-misy sy ny fitrandrahana eny ifotony. Tsy afaka mibaiko, fa manana fahefana hanao fanadihadiana any amin'ny faritra misy azy ny Solombavambahoaka, mba ahafantarany izay zavatra mahazo ny vahoaka, indrindra ny olana mahazo ny vahoaka madinika amin'ny fitrandrahana volamena.

Nomarihany koa fa firenena manankarena i Madagasikara, ka tsy tokony hindrana vola any amin'ny firenena hafa intsony. Noho izany, nanentanana ny Solombavambahoaka ny tenany mba hitovy hevitra aminy ary handany ny Tolopehin-kevitra natolony.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, tamin'ny fanazavana nataony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory sady nanome fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nilaza Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, raha nomena fitenenana, fa maro ny harenan-kibon'ny tany misy eto Madagasikara, ka tsy tokony ho ny volamena ihany no hanaovana fanadihadiana.

Andriamatoa DINAH Romual kosa nanambara, fa mahantra ambony harena i Madagasikara. Noho izany, tokony hojeren'ny fanjakana ny antony mampahantra ny vahoaka Malagasy. Nambarany koa fa tokony ho hentitra ny Filohampirenena amin'ny fampiharana ny lalàna mifehy ny harem-pirenena satria ireo mpitrandraka madinika ihany no henjehina mafy amin'izany.

Nanao satroka Andriamatoa RAKOTONIRINA Augustin ary nanontany ny vokatra azo tamin'ireo volamena tratra izay naondrana antsokosoko. Nanontany koa ny vokatra azo tamin'ny fanondranana volamena ara-dalàna sy ny fiantraikan'izany eo amin'ny fiainampirenena.

Raha nandray fitenenana Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne d'Arc, nilaza fa tokony handray fepetra ny Malagasy amin'ny fifehezana ny fitrandrahana satria misy fetrany ny harena an-kibon'ny tany.

Nambarany koa fa raha mbola ny lalàna vahiny no ampiharina ny Malagasy dia hahantra i Madagasikara satria lasa tompony mangataka atiny ny vahoaka.

Nanontany Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond, rehefa nomena fitenenana hoe: efa misy lalàna mifehy ny fanadihadiana izay hatao ve satria maro loatra ny fanondranana antsokotsoko.

Andriamatoa DARKHAOUI Siritis kosa nilaza, fa maro ny vahoaka madinika no voajenika tsy ara-drariny, ka nanentana ny Solombavambahoaka mba handany ny Tolopehin-kevitra ny tenany.

Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica, raha nandray fitenenana, nanambara fa tokony ho ny harena an-kibon'ny tany rehetra no hanaovana fanadihadiana, fa tsy ny volamena ihany.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa EDIZARD dia nilaza fa fitsinjovana ny harem-pirenena no nanolorana izao Tolopehin-kevitra izao. Noho izany, entanina ny Solombavambahoaka mba handany azy ity.

Nanontany ny momba ny volamena 73kg tratra tany Afrika Atsimo kosa Ramatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine hoe aiza ho aiza ny raharaha rehefa nandray fitenenana.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee kosa nilaza, fa tokony hojerena sy ampahafantarina ny rehetra ny vidin'ny volamena satria mora ny ividianan'ireo mpandraharaha ny volamena any amin'ny mpitrandraka ka mampalahelo ny zavatra tahaka izany.

Nitondra fanamarihana, Ramatoa BAOFENO Micheline raha nandray fitenenana, fa tokony tsy hohasarotina ny fahazoan-dalana ahafahan'ny Malagasy rehetra hitrandraka eto amintsika.

Nambarany koa fa tokony hijery paikady matotra ny Minisitery mba hialana amin'ny gaboraraka momba ny fanondranana volamena.

Nanontany kosa Andriamatoa RABENARY Jean, raha vonona ny paikady momba ny fanadihadiana rehefa lany ny Tolopehin-kevitra satria tsapa fa tena ilain'ny Malagasy izy ity.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste dia nilaza fa tokony hojerena ny momba ny hetra alaina amin'ny fitrandrahana volamena satria maro ireo mpandraharaha mividy mora izany any amin'ny mpitrandraka madinika kanefa amidin'izy ireo lafo izany rehefa avy eo.

Taorian'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka dia nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta hamaliany ny fanontaniana napetraka teo.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, Andriamatoa RAKOTOMALALA Herindrainy, Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany sy loharanon-karena Stratejika tamin'ny fanaomezam-pitenenana azy dia niarahaba ny mpivory. Nosinganiny manokana tamin'izany ny fiarahabana an-dRamatoa MICHELLE Bavy Angelica. Niala tsiny ny tenany, fa izao vao nahazo fitenenana, fa sanatria hoe tsy te-hiarahaba azy.

Nambarany fa mila fantatsika izay voalazan'ny Lalàna amin'izao fotoana izao ary efa eo ampandiniana ny Lalàna vaovao amin'izao fotoana izao.

Ny Lalàna ankehitry no manambara fa lalana roa no lalan'ny volamena eto Madagasikara.

Misy ny volamena izay tokony hivoaka amin'ny alalan'ny fahazoan-dalana hitrandraka na ho an'ny madinika na ho an'ny lehibe "PRE sy PE" na ny "Permis Réserver aux petits Exploitants ou Permis d'Exploitation".

Io no lalana iray tokony hamoahana ny volamena raha avy amin'ny fahazoan-dalana.

Ny ao anatin'ny Lalàna mifehy ny asa mikasika ny Harena Ankibon'ny Tany amin'izao fotoana izao anefa, misy ny hatao hoe "Régime de l'Orpillage". Ny "Régime de l'Orpillage", ankoatr'ireo mpitrandraka nahazo fahazoan-dalana dia misy ny asa volamena efa nataon'ny Malagasy hatramin'izay, nanomboka ny naha zanatany antsika ary mitohy hatramin'izao. Ny olona mangady sy manivana amin'ny sisin-drano ireny no voafehy ao anatin'ny "Régime de l'Orpillage".

Raha ny Lalàna ankehitriny, tokony hisy ireo atao hoe "Orpailleur" na ny mpitrandraka madinika izay mandala ny "collecteur". Misy ny "collecteur niveau 1" izay ambany fiadidian'ny Kaominina, ao koa ny "collecteur niveau 2" izay afaka mihoatran'ny Kaominina iray ny olona ary misy koa ny atao hoe "comptoir de l'or" izay afaka manangona ny volamena manerana ny Nosy izy ireo.

Ireo lalana roa ireo no ahafahana manondrana ara-dalàna ny volamena eto Madagasikara raha ny voalazan'ny Lalàna ka nahazo fahazoan-dalana hitrandraka; ao ny "comptoir" sy ny "orpillage". Ireo no voalazan'ny Lalàna fa ara-dalàna amin'ny fitrandrahana ny volamena eto amintsika.

Momba ireo "comptoir de l'or" dia omena fahazoan-dalana hanangona vokatry mandritra ny roa taona azo havaozina izy ireo.

Ankehitriny anefa, toy ny tsy misy intsony ireo "comptoir de l'or" satria tamin'ny volana Septambra 2020, nandray fanapahan-kevitra ny fanjakana tamin'ny alalan'ny naoty iray tamin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Nilaza ny fampijanonana ny fanondranana volamena mankany ivelany izany naoty izany. Izay no antony nahatonga ny olana ka tsy nisian'ny fidiran'ny "devise" na vola vahiny avy tamin'ny fanondranana ny volamena. Izany no nahatonga ihany koa ireo "orpillage" na ny mpitrandraka any Ambanivohitra mitrandraka volamena ihany hatramin'izao ary tsy mbola misy "permis d'exploitation" manondrana volamena teto Madagasikara na fahazoan-dalana ara-dalàna navoaka hatreto. Ny "comptoir de l'or" no nitrandraka sy nanao ny fanondranana hatramin'izao. Izany no "chaîne de valeur" misy eto amintsika; izay nanontanian'ny Solombavambahoaka avy any Nosy Varika teo. Izany hoe ilaina ny ahafantarana ireo lalana ireo.

Marihana fa ny manam-pahaizana na ny "ingénieur" ao amin'ny Minisiteran'ny Harena ankibonin'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika dia tsy ampy, 40 no isany. Raha ampitahaina amin'ny firenena Malagasy izay 592 000 Km² dia vitsy dia vitsy izany. Ny fanjakana ankehitriny tarihin'Andriamatoa Filoha, Andry RAJOELINA dia miezaka mametraka fanjakana akaiky vahoaka, mametraka biraon'ny "Administration Minière" isan-karazany; miaraka amin'izany ny fotodrafitrasa sy ny olona hiasa amin'izany.

Raha ny fitondrana teo aloha no resahana, raisintsika ohatra ny «Direction Régionale» tao Fianarantsoa, izy irery no niandraikitra ny Faritra miisa 5 dia ny Faritra “Haute Matsiatra”, Ihorombe, Vatovavy-Fitovinany, Atsimo Atsinanana ary Amoron’i Mania; olona miisa 16 no niasa tamin’izany. Amin’izao kosa, efa manomboka nametraka fotodrafitrasa momba ny «Projet Présidentiel» isika sady hitady ny olona hiasa amin’ireny satria tsy ampy ny fampahalalana ny resaka ny harena ankibon’ny tany, indrindra ny volamena manokana. Amin’izao fotoana izao, efa misy biraon’ny « administration » vao vita any Mananjary. Andriamatoa Filoha no nitokana izany tamin’ny volana Septambra 2021 teo, ny any Manakara koa efa manana « Direction Regionale ». Ny ao Amoron’i Mania, efa nasiana mpiasa saingy ny Faritra no nanome ny efitra hiasany. Marihana fa neken’Andriamatoa Filoha ny hananganana fotodrafitrasa hiasan’izy ireo. Ny any Ihorombe, nekena tamin’ny Filankevitry ny Minisitry vao tsy ela izay, tahak’izay ny any Androy.

Horaisina avy any Toliara mandrapahatonga any Taolagnaro izay ahitana harena ankibon’ny tany maro kanefa tsy misy «directeur de mine» hatrany Taolagnaro. I Toliara no miandraikitra an’iny rehetra rehetra iny hatrany Bekily, Tranoroa sy Beloha; tsy misy mihitsy ka izay no antony mahatonga ny fanjakazakan’ny Sinoa. Izany hoe, homena olombelona sy ny fotodrafitra ireny toerana ireny.

Raha ny volamena manokana, zaraina amintsika, fa Andriamatoa Filoha mihitsy no niditra an-tsehatra nanome toromarika; ohatra amin’izany ny «Projet Présidentiel» hoe andao hanangana «réserve national d’or» isika. Ny tenako no niandraikitra izany efa ho 2 taona lasa izay.

Lazaina amintsika ny vokatra farany, fa efa hiditra amin’ny famadihana azy ho lasa ny tahirim-bolamena azo ampidirina amin’ny «réserve de change» isika amin’izao fotoana izao, mba ahafahana manao «opération swap de devises».

Nandray fanapahan-kevitra filankevi-pitantanan’ny Banky Foibe tamin’ny 14 Aprily 2022 lasa teo mba hampidirana ny volamena ho anisan’ny «réserve de change» ao aminy ankoatran’ny «Euro» sy ny “Dollar». Izany hoe, efa azo ampiasaina ho «réserve de change» ny volamena raha vao vita ny famadihana azy araka ny volaza teo aloha, ho lasa «or monétaire», ho fanagejana araka ny toromariky ny Filohampirenena. Mety hahatratra 4 taonina ny volamena ao amin’ny Banky Foibe alohan’ny faran’ny taona.

Voalaza teo resaka «enquête parlementaire» mikasika ny «trafic d’or» ary nisy fanamarihana hoe: maninona ny volamena ihany sa efa milamina ny harena an-kibon’ny tany hafa. Angamba hisy fotoana hanaovan’ny tomponandraikitra izany any aoriana.

Misy ihany koa anefa ny «trafic» momba ny vatosoa. Rehefa voatendry ny tenako tamin’ny 16 Martsa 2022 teo dia nilaza tamin’ireo Talem-paritra rehetra aho hoe: manomboka izao, rehefa misy fanondranana vato any amin’ny seranan-tsambo, mba tsy «échantillonnage» no jerenareo fa jerena koa ny «mise en sac», ny «mise en caisse» koa tokony hatrehanareo maso, fa tsy hoe efa vitan’ny «douane» sy ny «opérateurs» avy any ny “conteneur” izay vao omena «certificat de conformité» mifanaraka amin’izay.

Misy tranga iray niseho tany Mahajanga tamin’ny volana Aprily 2022 lasa teo rehefa nanatrika fametrahana tao anaty “caisse” an’ireo karazam-bato ny tekisihanantsika; ohatran’ny nahita vatosoa ireny izy ireo, toa nasiana “colle” ny fonosana ary Sinoa no mpanondrana azy. Taorian’izay, nanapakevitry ny tekisiana hoe aleo jerena ity zavatra ity;

inona no tao, “saphir” sy “rubis” milanja 11kg latsaka kely. Raha jerena etỳ anefa toa vato tsy misy dikany no fahitana azy. Misy tokoa ny trafika amin’ny harena hafa ka nanapakevitra aho fa aleo ampidirina ao « banque centrale » any Mahajanga izany mandrapahatongan’ny fanadihadiana satria raha entina eto Antananarivo, mety tsy fantatra ny zavatra hiseho eny andalana.

Ho valin’ny fanotania napetraky ny Solombavambahoka vaofidy tao Ambositra; misy tomponandraikitra ato amin’ny komisionan’ny harena an-kibony tany hijery an’izay amin’ny manaraka.

Hangataka amin’ny fitondram-panjakana isika mba hampiditra mpiasa tekisiana hanampiana ireo mpiasa satria mbola vitsy ny tekisiana momba ny harena an-kibon’ny tany hapetraka any amin’ny Faritra. Hojerena ny manam-pahaizana mba hanabe voho any amin’ny Faritra.

Momba ny hoe ny mpitrandraka malagasy mitondra volamena kely dia samborina, fa ny mpitrandraka varenty sy ny mpanondrana tsy atao inona. Ny ezaka hataontsika rehetra dia ny fampiharana ny lalàna. Ny fivezivezen’ny harena an-kibon’ny tany rehetra dia tokony hisy taratasy miaraka aminy na “laisser passer” izany.

Ho an’ny Solombavambahoaka vaofidy tao Maroantsetra hoe: manankarena isika kanefa mahantra ambony harena. Manana harena isika saingy mbola tsy harena «potentiel économique» izany, fa mila fampiasam-bola vao mivadika harena. Isika Malagasy anefa tsy manam-bola ahafahana mamadika ny otrikarena ho harena, izay no antony iarahana miasa amin’ny vahiny satria ny volamena nohadiana dia misy fampiasam-bola sy fitaovana amin’izany asa izany. Misy mpitrandraka madinika ohatra, mitrosa vary amin’ny mpivarotra; tsy maintsy amidy aminy ny volamena satria tsy manam-bola. Izany hoe, mila jerena ny “circuit” any ifotony. Misy zavatra maro ho hita rehefa mandeha ny fanadihadiana. Zava-dehibe ny sosokevitra naroson’ny vaomieran’ny harena an-kibon’ny tany mba hahitana marina hoe aiza marina ny lalana.

Ny Minisiteran’ny Harena an-kibon’ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika dia hitondra ny anjara birikiny amin’ny fanohanana ny fanadihadiana hatao, satria matoa nentin’ny Solombavambahoaka izao sosokevitra izao, mino izahay fa maty paika ny tetikady hoentina hanatanterahana izany.

Ho an’i Miandrivazo, mivantana amin’ny Filohan’ny Vaomiera ny fangatahany raha ny fahenoana azy teo, satria manana volamena tokoa raha iny faritra iny, fa ny vaomiera no mahalala ny tokony ho izy.

Ho an’ny Solombavambahoaka avy any Vondrozo, nanontany hoe ahoana ny « position »-n’ny Governemanta. Raha ny marina, misaraka ny fahefan’ny Mpanatanteraka sy ny Antenimierampirenena. Nitondra sosokevitra ny Antenimierampirenena, izaho solotena ihany amin’ny maha Minisitry ahy, ka tsy afaka miteny ny « position »-n’ny fahefana roa. Manaja izany fisaraham-pahefana izany izahay, ara-dalàna izany matoa tonga amin’izao tanjona izao isika.

Mikasika ny any Andapa, vonona ve ny paikady ahafahana manatanteraka ny « enquête ». Omena ny Solombavambahoaka MOHAMAD Ahmad, angamba ny momba izay.

Momba an'i Mandoto, hoe misy olona mampihorohoro; anjarantsika kosa no miaro ny vahoaka raha misy mampihorohoro izy, satria zavatra tsy tokony hisy izany olona milaza hoe fa avy taty amin'ny Minisitery izany. Mba ilazao izahay raha sendra misy an'izany.

Nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny fanazavana sy fampahafantarana mikasika ny Tolopehin-kevitra nataony ary nanome fitenenana ny Solombavambahoaka izay mbola manan-kambara indray.

Nanambara Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jean D'arc, fa firenena manankarena an-kibon'ny tany i Madagasikara kanefa mahantra ara-toekarena.

Tokony hijery paikady mahomby sy maharitra ny fanjakana mba ahafahan'ny Malagasy rehetra misitraka izany. Nambarany koa fa ny tsy fanomezana "permis d'exploitation" ny vahoaka madinika sy antenantenany no mahatonga ny fitrandrahana ho tsy ara-dalàna, fa mety misy zavatra tsy mandeha amin'ny laoniny ao, ka tokony hojerena manokana.

Nanamarika Andriamatoa HENRI Jean Michel, raha nandray fitenenana, fa mijaly ireo mpanjono any Taolagnaro noho ny ataon'ny orinasa QMM satria mbola tsy nivaly hatramin'izao ny "analyse" natao tany amin'ny fari-dranomasina tany an-toerana, momba fahalotoan'ny rano sy ny fahafatesan'ny trondro; ka mila ijerena vahaolana haingana izany.

Andriamatoa DARKHAOUI Siritis kosa, nanambara fa tsy ampy ny teknisiana mikasika ny fitrandrahana volamena, ka tokony hampanao fiofanana momba izany ny fitondrampanjakana.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, nilaza fa tokony hanome fitaovana ahafahana mamatantra fa toerana misy volamena ny faritra iray mba ahafahan'ny mpitrandraka mahazo vokatra tsara. Nambarany koa fa tokony hanome torolalana ho an'ny mpitrandraka madinika koa ny Minisitery.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana hamaliany ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Toy izao no fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa RAKOTOMALALA Herindrainy, Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany sy Loharanon-karena Stratejika; nambarany fa voaray ny fanamarihana sy fanontaniana nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Momba ny Distrikan'Antanifotsy, handefa iraka hidina any ifotony izahay satria efa ireto ny Tale Jeneraly avy amin'ny Minisitery sy ny Sekretera Jeneraly.

Tamin'ny roatokom-bolana lasa, efa nanome tolokevitra teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitry izahay momba ny hoe tsy misy fahazoan-dalana, alohan'ny hivoahan'izay, napetraka ny "zone d'encadrement" mba hahazoana mitrandraka.

Raha ny Làlana mifehy ny harena ankibon'ny tany amin'izao; ao amin'ny andininy faharoa, milaza fa misy ny fikambanan'ny mpitrandraka madinika. Voafaritra ao ny zavatra tokony hataony. Misy andininy koa milaza fa amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana no ampivondronana azy ireo any amin'ny Kaominina iray ary "bloc de carreaux 4m²" no lehibe indrindra azo omena azy. Fahazoan-dalana miaraka no omena ny mpitrandraka madinika, fa tsy mandeha mitokatokana ary tsy maintsy faritra mbola malalaka. Izay no lalana raha mbola tsy manana fahazoan-dalana izy ireo.

Hisy fitantanana ny volan'ny fikambanana hiarovana ny tontolo iainana mba tsy hanaonao foana ny mpitrandraka.

Momba ny hanenjehana ny olona tsy manara-dalàna; efa nisy sosokevitra natolotra tany amin'ny Filankevitry ny Minisitra, toy ny hoe hanaovana fanavaozana ny fahazoan-dalana mba ahafahan'ny olona miasa. Hanangana vondrona ara-dalàna azo iasana isika.

Mikasika ny fanondranana, tsy mbola misy "permis d'exploitation" satria tsy avelan'ny fanjakana izany hatreto; mety miandry ny "code minier" angamba ary ny olona mahazo fahazoan-dalana dia tokony hanana "laisser passer" hitondrany ny vokatra.

Ohatra, hanome antontan'isa isika: tamin'ny taona 2010, nisy 1311 ny fahazoan-dalana navoaka ho an'ny mpitrandraka madinika; amin'izao fotoana izao, miisa 25 no sisa. Izany hoe, ireo vato mivezivezy ireo izany dia ao anatin'ny sehatra tsy ara-dalàna.

Rehefa manana "permis" miaraka amin'ny fahazoan-dalana ara-tontolo iainana, miaraka amin'ny nandoavana ny "frais d'administration" ny mpitrandraka dia mandeha any amin'ny Talem-paritra iadidianay manao fitomboka ny LP1 mba ahafahanay mitondra ny vokatra. Tombohana any amin'ny Kaominina nialan'ny vokatra izany ahafantarana hoe avy ao marina ny vokatra. Avy eo kajiana ny "ristourne". Tokony ho antsika koa ny vato satria isika no mampiditra azy ao anatin'ny ara-dalàna. Izany hoe, tsara raha avoaka amin'izay "code minier" vaovao sy ny « vulgarisation »-ny mba ahafahan'ny olona miasa ara-dalàna.

Mikasika ny teknisiana Malagasy hiasa momba ny harena an-kibon'ny tany, tsy maintsy anaovana « avis de recrutement » izy ireo saingy tsy maintsy mahazo « poste budgétaire » ihany koa.

Mikasika an'I Tsihombe, efa nanaiky ny Filohampirenena tamin'ny Filankevitry ny Minisitra telo herinandro lasa izay, fa hasiana biraon'ny harena an-kibon'ny tany any an-toerana.

Momba ny hoe rahoviana ny « code minier » vaovao no ho tonga aty amin'ny Antenimierampirenena. Araka ny toromarika azonay, efa miasa sy mandinika azy io izahay amin'izao fotoana izao, atsangana aloha ny « ossature » ary jerena hoe inona daholo ny zavatra tokony ho ao anatin'ny satria ny olona nisy teo aloha, ny adihevitra no nandeha mialoha dia tsy nisy zavatra tapaka. Tokony ho hita ao anatin'ny « société civile », ny mpandraharaha amin'ny harena ankibon'ny tany, ny mpitrandraka. Rehefa vita ny dingana tokony holalovany, izay vao mandalo « Conseil du Gouvernement » sy « Conseil des Ministres » ary aorian'izay; tonga eto amin'ny Antenimierampirenena.

Momba ny paikady mikasika ny « filière or ». Hapetraka ny « chaîne d'approvisionnement or responsable », raha voatsangana izay, hita taratra ny lalan'ny volamena mandrapanondrana

azy. Any amin'ny « code minier » vaovao izay vao mety ho tafapetraka. Tsy maintsy misy fepetra raisina aloha mandrapahavitan'ny « code » vaovao, indrindra any amin'ny toerana ahitana volamena eto amintsika, toy ny fametrahana « comptoir de l'or », ny fifampiresahana eo amin'ny mpitrandraka sy ny mpanangom-bokatra, ny Kaominina ary ny Distrika.

Izany hoe, ampidirina amin'ny sehatry ny ara-dalàna ny fitrandrahana, ka izay no nahatonga antsika niady tamin'ny fametrahana « zone d'encadrement » ihany koa mba ahafahana manofana ny mpitrandraka.

Mikasika ny QMM; efa nisy fepetra noraisana, folo andro lasa izay. Marihina fa tsy ny QMM no tsy namela ny olona hanjono fa ny Minesiteran'ny Jono mandrapiandry ny valin'ny « analyse » natao sao misy fiantraikany amin'ny fahasalaman'ny mponina. Marihana fa tsy mampiasa “produit chimique” ny QMM, fa rano ao ihany no ampiasainy. Nidina tany antoerana ny Minisitry ny Rano satria olana mikasika rano izany, fa tsy momba ny harena an-kibon'ny tany. Nidina tany koa ny Minisitry ny Tontolo lainana. Ny resaka jono no efa nahitana vahaolana hatreto ary nitsahatra ny fitokonana nataon'ny vahoaka.

Nangataka satroka ny Solombavambahoaka DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Johnny, taorian'ny fanazavana nomen'Andriamatoa Minisitry ary nilaza fa tsy voavaly ny fanontaniana momba ny volamena roa taonina lasa firaka.

Namaly Andriamatoa Minisitry, fa tsy marina izany ary ny “Banque Centrale” tsy afaka manao an'izany. Nisy fivoahana tany ivelany nijery “affineur” izay eken'ny FMI sy ny “standard international” rehetra hamadihana ny volamena ary tsy roa taonina, fa iray taonina mahery no lanjany. Tokony hitohy ny fividianana, fa ny FMI no niteny aleo aloha ajanona izany. Raha lazaina fohy, tsy mora ny famadihana ny volamena tsotra ho lasa “or monétaire” satria tsy maintsy ambonin'ny 99,5% ny “purété” farafahakeliny.

Momba ny “rapatriement de devise”; izay manana fahazahoan-dalana sisa no afaka mivarotra amin'ny “Banque Centrale”, miisa 11 izy ireo amin'izao fotoana izao. Madio arapanjakana, nandoa hetra, nandoa “redevance” sy “ristourne” ary nanao “rapatriement” ihany koa. Ireo tsy nanao “rapatriement” kosa nenjehin'ny fanjakana, teo vao hita hoe nisy fanondranana ara-dalàna telo taonina tamin'ny taona 2018, kanefa tsy nisy “rapatriement” izany. Tokony tsy hisy ahiahy ny amin'izay satria misy vata vò sy fiarovana azy ireo volamena ireo sady nasiana laharana.

Taorian'ny fanampim-panazavana nomen'Andriamatoa RAKOTOMALALA Herindrainy, Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika, nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana, Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, izay nanolotra ny Tolopehin-kevitra.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, nilaza fa niato ny fanondranana volamena ka izay no nahatonga ny fanondranana antsokosoko. Ny fanondranana harena an-kibon'ny tany hafa tsy naato satria tsy nahitana izany.

Marina sy mangarahara ny zavatra tadiavin'ny vahoaka, ka anjaran'ny Solombavambahoaka no manazava ny lalàna mifehy ny fitrandrahana volamena hoy izy.

Nambarany koa fa fitsipika napetraky ny Antenimierampirenena ny fahazoan'ny Solombavambahoaka manolotra lalàna, ka izay no nahatonga azy hanolotra ity Tolopehin-kevitra ity.

Nangataka ny handefasana ny "code minier" eto amin'ny Antenimierampirenena ihany koa ny tenany rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry tamin'ny fahatongavany niaraka nidinika tamin'ny Solombavambahoaka.

Fanentanana ny Solombavambahoaka handany ny Tolopehin-kevitra natolony no namaranany ny teniny.

Taorian'izay, nanao satroka Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne d'Arc ary nangataka ny hanemorana ny fivoriana satria vitsy ny isan'ny Solombavambahoaka tonga manatrika ny fivoriana.

Rehefa tsy nanan-kambara intsony ny mpivory, nanambara, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tsy misakana antsika hiroso amin'ny fandaniana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena. Ny Solombavambahoaka anefa no tompon-teny farany, ka hatao tsangan-tànana raha hotohizana na tsia ny fivoriana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nanaiky fa hotohizana izany; Solombavambahoaka 1 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa mitohy ny fivoriana.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolopehin-kevitra laharana faha-001-2021/PR ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Tolopehin-kevitra laharana faha-001-2021/PR «portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar» natolotry ny Solombavambahoaka MOHAMAD Ahmad, voafidy tao Fenoarivo Atsinanana sy ireo mpiara-dia aminy.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa MOHAMAD Ahmad raha mbola manan-kambara.

Fisaorana no nataony ny rehetra tamin'ny fahalanian'ny Tolopehin-kevitra natolony ary nisaotra manokana an'Andriamatoa RAKOTOMALALA Herindrany, Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany sy Loharanon-karena Stratejika ihany koa ny tenany tamin'ny fahatongavana nanatrika ny fivoriana.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa araka ny andininy faha-178 ao amin'ny Fitsipika Anatin'ny mifehy ny Antenimierampirenena, tsy mihoatra ny 15 ny isan'ny Solombavambahoaka mpikambana ao anatin'ny Vaomiera mpanao fanadihadiana. Ho fanajana izany, iangaviana ny Vondrona Parlemantera tsirairay avy mba hanolotra ny mpikambana handrafitra ity Vaomiera vaovao ity ary hanatitra izany ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena.

Toy izao ny fitsinjarana ny toerana:

Vondrona Parlemantera IRD, manana toerana miisa 10, Vondrona Parlemantera TIM manana toerana miisa 2, ny Vondrona Parlemantera GPR manana toerana miisa 2 ary ny Vondrona Parlemantera tsy miankina manana toerana miisa 1.

Rehefa voatolotra ny anaran'ny Solombavambahoaka hisolotena ny Vondrona Parlemantera tsirairay avy, iangaviana ny mpikambana mba hivory ahafahana mandamina ny tetiandro hiasany.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana; ny Alarobia 1 Jona 2022, amin'ny 10 ora, maraina, ao amin'ny "salle BP" hisy ny "Réunion des Membres de Bureau Permanent".

Niato tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona